
blue ventures
discovery through research

# NY FIZAHANTANY ARA-TONTOLO IAINANA

Mpanoratra: Shawn Peabody noho Taylor Veriza

10

HO AN'NY: MPIASAN'NY ONG, MIASA AN-TANÀ



INDIAN OCEAN
COMMUNITY
CONSERVATION
HANDBOOKS

MacArthur Foundation
Sida
WIOMSA
Velondriake





## Teny Fanolorana

**Ho an'ny mponina maro izay miankina amin'ny harena an-dranomasina, ny fizahantany ara-tontolo iainana dia manome fahafahana manampy na manolo ny harena azo avy amin'ny jono. Amin'ireo toerana izay afaka mamaly ny fototry ny fizahantany ara-tontolo iainana, dia misy ny fomba hahatonga ny toe-karena eo an-toerana hahaleo tena, izay manova ny fomba fiveloman'ny ankamaroan'ny olona, ankoatra ny jono. Amin'ny mponina hafa, izay tsy manana na tsy manao asa fizahantany, ny fiantraikany amin'ny fahavelomany dia mety ho kely ihany, fa ny harena azon'ny mponina avy amin'ny fizahantany dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanohanana ny asa fampandrosoana sy ny asa fikajiana ny tontolo iainana. Ity boky ity, izay azon'ny mponina rehetra ampiasaina mivantana, dia natokana ho an'ireo izay efa manana asa mitodika amin'ny fizahantany ara-tontolo iainana ao amin'ny faritra misy azy.**

Ny fanohanan'ny fanjakana na ny Fikambanana tsy miankina (ONG), mpiara-miasa ny vondron'olona mampiasa ity boky ity dia irariana, fa hitondra tombotsoa ho an'ny fokonolona ny fizahantany, miaraka amin'ny asa famporisihana ny fitantanana maharitra ny harena.

### Ny singany ny fizahantany ara-tontolo iainana

Ireto singa manaraka ireto dia mahomby ho an'ny fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana. Amin'ny ankapobeny, ny ankamaroan'ny singa sy ny fisehoany matetika amin'ny fokonolona, dia hita maso eo amin'ny sehatry ny fizahantany. Ireo fototra ireo no hamaritra koa ny karazana fizahantany ara-tontolo iainana amin'ny maridrefy mivelatra kokoa (avo lenta, antonony ary kisendrasendra) sy ny ambaratongan'ny fizahantany izay mety ao an-toerana.

#### Ny fotodrafitrasa eo amin'ny sehatry ny fizahantany

Ny lalana, ny seranam-piaramanidina, ny trano fatoriana, ny trano fisakafoana, ny biraon'ny valan-javaboahary, ny masoivoho mikirakira ny dia (aleha) ary ny mpitarika mpizahantany dia afaka mampizaha ny toerana iray mora sy mahaliana kokoa ho an'ny mpitsidika. Ny toerana izay tsy ahitana ny kely indrindra amin'ireo fototra voatanisa teo aloha reo dia azo lazaina fa voafetra tanteraka ny isan'ny mpizahantany izay mety hampiantranoany, ankoatran' ny mpitsidika kisendrasendra.

#### Ny fotodrafitrasa ara-pahasalamana sy ara-pandriampahalemana

Ny fisian'ny tobim-pahasalamana, ny mpitsabo voaofana, ny biraon'ny fandriam-pahalemana ary ny polisy dia manohana ny fizahantany eo ampanenana ny loza ny dia (aleha). Amin'ireo, ny fandriam-pahalemana no tena lehibe. Ny toerana izay misy dahalo matetika, izay misy ady mahery na nahenoana tantara fanafihana mpizahantany, dia manakana tanteraka ny fizahantany. Ny fisian'ny fotodrafitrasa ara-pahasalamana dia tena zava-dehibe manokana ho an'ny andian'olona mitondra zaza, ho an'ny olona efa nahazo taona sy ny sembana.

#### Ny fotodrafitrasam-pifandraisana

Ny fahazoana mifandray amin'ny alalan'ny finday sy tranokalam-pifandraisana dia manampy ny mpizahantany handamina ny fivahiniany, ary mampitombo ny filaminan-tsainy sy ny fifandraisany amin'ny namany sy ny fianakaviany any amin'ny toerana izay halehany. Ny tsy fahampian'ny fotodrafitrasam-pifandraisana

dia hametra ny fizahantany, nefa mety fanoitra kely ihany izany. Ny resaka fandriampahalemana hamafisin'ny faharatsian'ny fitaovam-pifandraisana dia hanamafy ny tsy fandehanan'ny mpizahantany any amin'ilay toerana.

### Ny harena voajanahary fototra tamin'ny voalohany

Ny fizahantany ara-tontolo iainana dia mifantoka amin'ny biby sy ny tontolo iainana, izay mahasarika kokoa noho ireo izay efa simba. Ny torapasika mahafinaritra dia itovizana ihany eran'izao tontolo izao, noho izany tsy voasarika ny mpizahantany handeha any an-toeran-kafa, ivelan'ny tsenan'ny fizahantany misy any aminy. Ny vatohara tranainy sy ny zava-mananaina an-dranomasina maro dia tsy itovizana loatra ka misarika ny mpitsidika avy amin'ny toerana hafa lavitra.

### Ny fisian'ny biby mahafinaritra sy manintona

Ny tontolon' ny voajanahary rehetra dia tsy mitovy eo amin'ny sehatrin'ny fizahantany. Ny sokatra an-dranomasina, ny akio,ny fay, ny trondro amin'ny hara, ny trozona ary ny lambohara dia anisan'ny zava-dehibe ho an'ny fizahantany amin'ny maha biby mety ho lany tamingana azy ireo (biby hita eo amin'ny faritra ihany ireo, fa tsy hita n'aiza n'aiza), indrindra koa ny zaha, ny vorona, ny biby mandady ary ny biby miteraka (ny maky, ny gidro, sns). Ny vorona amorontsiraka, ny trondro amin'ny ranomasina lalina, ny ala-honko ary ny sahan'ny ahitra an-dranomasina dia tsy manan-danja loatra eo amin'ny lafiny fizahantany, na dia mety misarika mpitsidika aza izy ireo raha voahaja ny fototra misy vitsivitsy.

### Ny fanakaikezan'ny toerana azo zahana hafa sy ny lanjan'ny tsena lehibe eo amin'ny fizahantany

Matetika ny saran'ny fizahantany farany lafo, iantsoroan'ny mpizahantany ara-tontolo iainana dia ny saran'ny dia (aleha) ary, ny saran-dalan'ny fiaramanidina no tena lafo. Raha lafo ny saran'ny dia mankany amin'ny toerana iray dia tsy mahaliana loatra ny mpizahantany hitsidika an'ilay toerana izany, ny zavatra sasany rehetra dia mitovy lenta ihany n'aiza n'aiza. Ny ankamaroan'ny mpizahantany ara-tontolo iainana dia avy amin'ny faritra mitovy.

Ao amin'ny faritry ny WIOMSA dia ahitana (filaharana amin'ny tsenan'ny fizahantany lehibe ka hatrany amin'ny kely indrindra):

- Eoropa andrefana (Indrindra i Frantsa, Angletera, Italia ary Alemana)
- Etazonia sy Kanada
- Japon
- Afrika Atsimo

Ny tena mora vidy sy ny mora atao (miankina amin'ny fahavitsian'ny fiaramanidina handehanana) dia ny fahatratrarana ny toerana avy amin'ireo firenena ireo, amin'izay hisy ny fizahantany tena azo tsapain-tanana tokoa.

## Ny karazana fizahantany

Ny tsenan'ny fizahantany dia miankina amin'ny hamaroan'ny karazana mpizahantany samihafa tonga mitsidika ny toerana. Tena zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana ny mitarika karazana mpizahantany mifanaraka aminy ary miankina amin'ny fahatsaran'ny faritra. Ny misarika mpizahantany, tsy afaka hitsidika ny toerana na tsy afaka hakasitraka ny faritra tsidihany (faritra misy antsika), dia midika ho fahaverezan'ny fotoana, ny vola ary ny hery. Ireo fisokajiana ny mpizahantany dia:

### Ny mpizahantany kisendrasendra

Ireo mpizahantany ireo, araka ny fiantsoana azy, dia mianjoanjo. Izy ireo no tena vonona hisedra ny fahasarotan'ny dia, mba hahafahany mitsidika toerana vaovao sy hafa indrindra. Ireo mpizahantany ireo amin'ny ankapobeny dia tsy sarotiny raha apetraka amin'ny toerana tsotra sy




omena sakafo izay misy eo an-toerana. Izy ireo dia vosariky ny toerana mbola tena dia, ny biby mety ho lany tamingana ary ny fantanjahantena matanjaka toy ny fitsangatsanganana an-tongotra, ny fiakarana amin'ny vohitra, ny fandehanana lakana toy ny "kayak" ny fitaingenana bisikileta.

Na izany aza, tsahivina fa ireo mpizahantany ireo dia tokony omena (amin'ny taha ambony) filaminana sy toerana ari-fomba, hampiadana azy.

Ny efitrano fatoriana dia tokony tratry ny rivotra, milamina, hahazo rano tsy miato (ny rano amin'ny siny dia mety tsara) ary trano fidiovana madio. Ankoatr'izay, na mora sarihana aza ireo mpizahantany ireo dia tsy manana vola firy ho laniana.

### Ny mpizahantany manana lenta antonony (ny mpizahantany salasala)

Ny mpizahantany manana lenta na saranga antonony dia manam-bola kokoa noho ny mpizahantany kisendrasendra, ary mitaky taha ambonimbony amin'ny fotodrafitrasan'ny fizahantany ara-tontolo iainana, izay latsaka kokoa noho ny an'ny mpizahantany avo lenta. Ny mpizahantany manana saranga antonony dia mandeha amin'ny andiany matetika (izay sokajian'ny mpikirakira ny dian'izy ireo) ary matetika antitra kokoa noho ny mpizahantany kisendrasendra. Ny fandriampahalemana, ny fahadiovana ary ny sakafo dia manan-danja ho an'ireo mpizahantany ireo.

### Ny mpizahantany avo lenta

Ny mpizahantany avo lenta dia mitaky taha farany tsara eo amin'ny fotodrafitrasa ara-pizahantany ara-tontolo iainana, ary vonona handoa vola be amin'izany. Ny toerana lavitra sy miavaka dia tena ankafizin'izy ireo, noho izany sarotra ny fisarihana mpizahantany avo lenta maro amin'ny toerana iray. Ny fikarakarana fizahantany avo lenta dia tsy takatry ny ankamaroan'ny fokonolona eo an-toerana, fa ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny ivotoerana mpikirakira ny mpizahantany sy ny hotely avo lenta dia azony atao ihany. Ny vondronolona ohatra dia afaka miandraikitra ny fitarihana, ny fikojakojana ny làlana, na ny famatsiana vokatra vaovao atao sakafo (ny vokatra an-dranomasina sy ny vokam-pambolena).

### Ny drafitrasa fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana

Ho an'ny fokonolona maro, vitsy ny fahafahana manova ny singan'ny fizahantany amin'ny fotoana fohy. Mety ho tanteraka anefa izany amin'ny fotoana lava sy maharitra, avy amin'ny fanatsarana ny ankamaroan'ny singa amin'ny alalàn'ny fampanjariana ny fotodrafitrasa sy ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana. Ireto farany dia hahita tombotsoa ihany koa amin'ny fampandrosoana ny fizahantany na ny fikajiana ny tontolo iainana. Mba hanamorana ny fizahantany eo amin'ny toerana iray, ny fokonolona dia miara-miasa amin'ireo fikambanana mpiara miombonantoka ireo, eo amin'ny fandrafetana drafitrasa fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana.

Ny drafitrasa dia atomboka amin'ny fandalinana lalina ny fototra izay voatanisa etsy ambony, ampiarahina amin'ny fanoitra hafa heverina ho zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ny fizahantany. Ny fanadihadiana dia tokony hamaritra ny sokajin'ny tsenan'ny fizahantany nasionaly sy iraisam-pirenena, izay tena afaka hampiroborobon'ny fizahantany eto amin'ny toerana misy antsika. Ny fanadihadiana dia tokony milaza, ohatra fa noho ny antony tsy fahampian'ny fotodrafitrasa sy ny alaviran'ny





tsena iraisam-pirenena, dia ny fizahantany kisendrasendra no mety indrindra, kanefa ny fizahantany avo lenta dia mety tsy ho tanteraka raha tsy misy fanorenana seranam-piaramanidina

Izany dia ahafahan'ny olona sy ny mpiara-miombonantoka aminy, hampifantoka ny herin'izy ireo sy ny fitaovana ampisaina amin'ny haivarotra, hisarihana ny mpizahantany kisendrasendra, toy izay ny mpizahantany avo lenta. Ankoatr'izay, ny fanadihadiana dia afaka manoro fa ny tsy fisian'ny biby mahaliana miaraka amin'ny hara mihasimba, kanefa ahitana fotodrafitrasa ara-pifandraisana sy ara- mpiizahantany tena mandroso, dia afaka hampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo ianana, mifototra amin'ny ala-honko sy ny vorona an-drano, izay hita fa mbola tranainy ihany.

Raha vao vita ny fanadihadiana izay nahafahana namaritra ny faritra tena mety amin'ny fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana, ny fokonolona dia tokony hiara-miasa amin'ny mpiara-miombonantoka, mba hananganany drafitra fampandrosoana ny fizahantany. Io drafitra io dia tokony mamaritra ny asa lehibe sy ny fampiasam-bola, izay tokony ho tanterahin'ireo antokon'ny mpandray anjara tsirairay eo amin'ny sehatry ny fizahantany ara-tontolo iaianana, ao anatin'ny fotoana fohy, tsy dia lava ary maharitra. Mari-drefy manokana no tokony faritana, ary tokony samy handray anjara ny isaky ny antoko amin'ny fiandraiketana an-tsoratra ny drafitrasa. Ireo ohatra ny asa mety atao :

- Fanofanana vondron'olona mpitarika ara-tontolo iainana 20,
- Fanorenana toerana hanovozan-kevitra (toerana fandraisana),
- Ny fanatontosana karazana fitaovana momba ny hai-varotra (tranokala, boky apetraka amin'ny toerana fivezivezean'ny mpizahantany),
- Taratasy alefa amin'ireo mpanonta boky momba ny fizahantany (*Lonely Planet, Bradt*)

Tokony hanangana komity mpanaramaso ny fizahantany, izay hanaraka ny firoboroboan'ny drafitrasa fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana. Ny komity dia tokony hanana solontenan'ny mponina betsaka eo an-toerana ary tokony hifantoka, tsy amin'ny fampandrosoana ny fizahantany ihany fa amin' ny fampidirana ny mponina eo an-toerana amin'ny sehatry ny fizahantany matanjaka, izay tena zava-dehibe tokoa. Izany dia tanterahina amin'ny fomba entina hanatsarana ny farim-piainan'ny olona ka tsy hanembatsembanana ny zon'izireo, ny haren-tsainany ary ny fahasimban'ny tontolo iainana ao an-toerana. Ny fivarotana ny fizahantany tena mandeha dia matetika voaporofo fa manao an-kilabao sy manavaka ny mponina eo an-toerana, matetika mihitsy aza mampihen-danja ny nentin-drazana sy ny fomba amam-panao, manimba ny tontolo iainana, ary dia lasan'ny olona ihany koa ny tany any an-toerana. Ny fizahantany ara-tontolo iainana dia tokony hampifandray ny mponina eo an-toerana sy ny tontolo ianana, hanamafy ny fahafahan'ny olona hitarika ny mponina hampiroborobo sy hampandrosoana any aminy, ary hanampy azy ireo amin'ny fikajiana ny harena voajanahary.

**Ny trano iombonana ara-tontolo iainana ("ecolodge")**

Ny azo iantohana fa ny fokonolona eo an-toerana dia mahazo tombontsoa amin'ny fizahantany, dia ny fanamarihana fa ny fokonolona ihany no manangana, mitantana ary mikirakira ny trano fandraisam-bahiny na ny hotely. Ny trano iombonana ara-tontolo

iainana dia itoviana eran'izao tontolo izao, hany ka fisarihana goavana ho an'ny mpizahantany maro izany, izay liana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sady manohana ny mponina eo an-toerana any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, sady mizaha koa ny biby tsy hita firy sy mahaliana.

Ny tetikasan'ny trano iombonana ara-tontolo iainana dia orinasa goavana izay mitaky drafitrasa, fahalalana ara-tekinika ary tetibola fanombohana. Amin'ny lafiny maro, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana no tokony hanome tanàna, manampy amin'ny fananganana ny trano ara-tontolo iainana, amin'ny fanangonam-bola ary ny fitantanana ny tetikasa.

Ny trano iombonana ara-tontolo iainana dia hahita fahombiazana kokoa raha miorina lavitry ny tsenan'ny fizahantany mitodika amin'ny be sy ny maro, izay mampihena ny hatsaran'ny toerana. Ny ankamaroan'ny fisarihan'ireo toeram-ponenana ireo dia ny fiasana ifarimbonana amin'ny mponina eo an-toerana, lavitry ny tsindry manimba ny fahamaroan'ny fizahantany ara-barotra.

Ny trano iombonana ara-tontolo iainana dia mandeha tsara koa amin'ny toerana maro olona, eo anivon'ny vondron'olona voarindra tsara, izay afaka mamaha moramora kokoa ny fifanolanana mety hisy eny an-toerana.

Ny mangarahara sy ny fahatokisana misy eo amin'ny mpitantana sy ny mpiasan'ny trano iombonana ara-tontolo iainana ary ny fokonolona dia atao tampon'ny laharam-pahamehana, mba hiantohana fa ny trano dia mamaly ny tanjon'ny fizarana ny tombotsoa azo avy amin'ny fizahantany ho an'ny mponina manontolo.

**Ny fiombonan'ny mpitarika ara-tontolo iainana**

Ny toeram-pizahantany rehetra dia mitaky manam-pahaizana avy eny an-toerana, izay afaka mitarika any amin'ny toerana zahana. Ny fisian'ny mpitarika voaofana dia hampitombo ny isan'ny mpizahantany amin'ny toerana iray, amin'izay ireo mpizahantany rehefa afa-po, ka mody any amin'ny tany niaviany, dia mandrisika ireo namany sy ny fianakaviany hizaha ilay toerana nahafinaritra azy. Eo amin'ny valan-javaboahary an-dranomasina, mihoatra ny valan-javaboahary an-tanety, ny mpitarika dia ilaina mba hanoro ny mpizahantany ny famantarana voajanahary, ny tahiry voajanahary sy ny toerana mahasarika hafa. Ankoatr'izany, mila miantoka ny fandriampahaleman'ny mpizahantany koa ny mpitarika eo ampitazomana azy ireo lavitry ny toerana sy ny biby mandoza. Manakana ny mpizahantany koa izy ireo, tsy hanimba ny tontolo manodidina, indrindra tsy hanangona karazam-biby dia, na mahatonga tsy nahy doro-tanety. Afaka manomana sakafo sy mikarakara toerana ipetrahan'ny mpizahanatany koa ny mpitarika, izay mampety ny fijanona amin'ny toerana tsy ahitana trano fandraisam-bahiny na hotely.

Ny dingana voalohany amin'ny fizotry ny fampandrosoana ny fandaharanasan'ny mpitarika ara-tontolo iainana dia ny famoronana fikambanana eo an-toerana ho an'ireo olona mazoto sy liana amin'izany. Ny mpitarika dia tokony ho tompon'andraikitra, matotra, manana fivelaran-tsaina ary mazoto ny handalina. Manarak'izay, ny fikambanana dia tokony hitady mpiara-miombonanatoka hanampy azy amin'ny fanofanana. Matetika ny fanjakana sy ny ONG no afaka manampy amin'io lafiny io. Ny mpapianatra eo an-toerana, ny Ray aman-dReny fotsivolo eo an-tanàna sy ny olona hafa manana



fahalalana teny vahiny dia tokony hatonina mba hanampy. Ny fiofanana dia tokony hifantoka amin'ny fahalalana teny vahiny, ny angano, ny fototry ny fahalalana ara-javaboahary, ny tantara sy ny fomba eo an-toerana. Ny fikambanana dia tokony mamorona fitsipim-pitondrantena ho an'ny mpitarika, toy ny mampanaja sy mampihatra ny fitsipiky ny valan-javaboahary ho an'ny mpizahantany. Ny fitsipim-pitondrantena dia fitambaran'ny fitsipika voasoratra ka tokony harahin'ny mpikambana rehetra.

Ny fitsipika dia mety ahitana :

- Tsy tokony ho tara fotoana ny mpitarika,
- Tsy tokony hiady varotra sarany mihoatra an'izay voalaza ao anaty boky fandraisana ny mpizahantany ny mpitarika,
- Tsy tokony hangataka fanomezana amin'ny mpizahantany ny mpitarika,
- Tsy tokony hangalatra ny mpanjifa ny mpitarika na hanao zavatra mahamenatra hafa
- Ny mpitarika dia tena hanao laharam-pahamehana ny fandriampahaleman'ny mpanjifa mandritry ny fotoana handalovany manontolo,
- Tsy hanohitra ny fitsipiky ny valan-javaboahary ny mpitarika, na mitarika ny mpizahantany hanohitra ireo fitsipika ireo.

Tokony hisy lamandy apetraka ho an'ny tsy fanarahana ny fitsipim-pitondrantena, ka tokony ho raisin'ny fikambanana am-pahamatorana izany. Ny fihetsika tsy mety ataon'ny mpitarika dia mety mahamora sy mampalaky rava ny lazan'ny fikambanana rehetra sy ny an'ny faritra manontolo.

Amkoatran'ny fanajana ny fitsipim-pitondrantena sy ny fiantohana ny filaminan'ny mpizahantany, ny tanjona lehibe ny mpitarika ara-tontolo iainana dia mampanjary ny dian'ny mpizahantany mandram-pahatongany any amin'ny toerana alehany, mba ho tena tonga lafatra indrindra.

Tokony tia namana sy mahasarik'olona ny mpitarika, ary mamaly ny filàna, ny tombotsoa ary ny mahaolona ny isaky ny tariky ny mpizahantany izay entiny mivoaka. Noho izany, tokony havanana amin'ny teny vahin'ny mpitsidika hita matetika ny mpitarika, sy ny tenim-paritra eo an-toerana. Na izany aza, ny mpitarika dia tokony hiezaka hiresaka matetika amin'ny mpizahantany sy hanazava haingana ny tsy fifankahazoana, izay matetika miseho eo amin'ireo olona avy any amin'ny faritra sy manana tenin-dreny samy hafa.

Ny mpitarika ara-tontolo iainana dia tokony hanana fahalalana feno momba ny biby, ny fomba amam-panao sy ny tantàran'ny eo an-toerana, ka tokony vonona hatrany hiady hevitra mikasika lafin-javatra maro. Ny mpitrarika dia tokony miomana ny hitafatafa momba ny tantàra avy eo an-toerana mikasika ny biby sy ny toerana mahaliana.

Ny tantàra dia mety azo avy amin'ireo olon-dehibe eo an-tanàna, ireo namana na fianakaviana, ary tokony ho zaraina amin'ny samy mpitarika mba hivelaran'ny voambolana mikasika ny tantàra niseho, ny angano ary ny fahalalana eo an-toerana.

**Ny Fitaovam-panabeazana**

Ny tantara an-tsary miaraka amin'ity boky ity dia manome fanazavana feno mikasika ny fametrahana ny fandaharanasan'ny mpitarika ara-tontolo iainana ho an'ny fokonolona manakaiky ny faritra an-dranomasina voaaro. Izy io dia tokony ampiasaina mba hamporisihana ny olona hanangana fikambanana sy hitazomana ny fikambanana amin'ny alalàn'ny fiofanana any

am-boalohany. Maro ny boky sy ny fitaovam-panabeazana ilain'ny mpitarika sy ny mpanofana toy ny haren-teny (rakibolana, boky fitsipika, boky fampiasana, ny kapilan'ny fampianarana teny), sy ny boky fahafantarana ny biby. Maro ny haren-tsaina hita anaty tranokala sady azo jerena maimaimpoana. Ny fikambanana mpiara-miombonantoka dia afaka manampy koa ny fikambanana hangataka famatsiana ho fampitaovana sy ho fampandrosoana ny fotodrafitrasa misy eo amin'ny sehatry ny fizahantany ara-tontolo iainana.

## Teny famaranana

Ho fehiny, ny fahombiazan'ny fikambanan'ny mpitarika sy ny fizahantany ara-tontolo iainana amin'ny ankapobeny, dia miankina amin'ny fahafahan'ny fokonolona mitarika sy manome fahafaham-po ny mpizahantany eo amin'ny faritra iandreketany, sady manara-maso ny lahasan'ny fampandrosoana ny fizahantany eo anivon'ny fokonolona. Ny komity mpanara-mason'ny fizahantany dia mitana andraikitra lehibe amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ny fokonolona amin'ny alalan'ny fizahantany, raha tsy izany ny fizahantany ara-barotra dia mety hampihena sy hamono ny ezaky ny fizahantany ara-tontolo iainana, ka mitondra amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fanavahana ny mponina eo an-toerana.

Ho an'ny ankamaroan'ny olona, ny fizahantany dia tsy hitondra fiovana tampoka, na ho an'ny toe-karena eo an-toerana na ho an'ny fomba fiharian'ny ankamaroan'ny fokonolona. Ny fikambanana mpiara-miombonantoka dia tokony hitandrina ary tsy hihevitra hanambony vidy ny tombotsoan'ny fizahantany ara-tontolo ianana, satria mety hitondra ny fokonolona any amin'ny fahadisom-panatenana sy ny tsy fahatokisana izany. Na izany aza, maro ny fokonolona mahazo tombotsoa amin'ny fampandrosana, avy amin'ny alalàn'ny firoboroboan'ny fizahantany ara-tontolo iainana tsikelikely. Ny fiandrasana izany dia tokony ho tantanana amin'ny fomba ahazoan'ny fokonolona fa ny ankamaroan'ny tombotsoa azo dia tsy hitovy, fa fara-fahakeliny ahazo tombontsoa ihany ny olona tsirairay.

Ny tompon'ny orinasa eo an-toerana, ny mpitarika ara-tontolo iainana, ny mpitondra entana, ny mpahandro, ny mpiasan'ny trano iombonana ara-tontolo iainana sy ny hafa dia mahazo vola mivantana avy amin'ny fizahantany, fa any am-boalohany dia ho kely sy mahalana izany raha ny lafiny fampandrosoana no jerena.

Ny tetibolan'ny fizahantany izay azo avy amin'ny vola ampidirin'ny fizahantany dia arotsaka amin'ny tetikasa fampandrosoana ny vondrom-bahoaka ary tantanan'ny komity mpanaramaso ny fizahantany ara-tontolo iainana, dia hizara tombotsoa lavitra kokoa. Toy izany koa, ny ny trano iombonana ara-tontolo iainana dia afaka hanolotra asa maro sy hanampy tanteraka ny teti-bola fampandrosoan'ny fokonolona. Araka izany, eo amin'ny lafiny fampandrosoana, ny tetibola dia mety ho kely ihany any am-boalohany ka mety tsy ho tanteraka ny trano ara-tontolo iainana. Ny fokonolona dia tokony hiomana handeha lalandava ho amin'ny fampandrosoana ny fizahantany ara-tontolo iainana, izay hany afaka manome ny fahafahana mitondra fanampiana matanjaka ho fampandrosoana ny vondrom-bahoaka sy ho fiarovana ny tontolo iainana amin'ny fotoana tsy dia lava sy maharitra

# ECO-TOURISM


INDIAN OCEAN COMMUNITY CONSERVATION HANDBOOK 10

ECO-TOURISM

BY SHAWN PEABODY, TAYLOR VERIZA

AUDIENCE: STUDENTS, COMMUNITY MEMBERS

ARTWORK: NADY RATSIMBAZAFY



blue ventures
discovery through research

MacArthur Foundation


Sida


WIOMSA Western Indian Ocean Marine Science Association

Velondriake






INFO CENTER
LOCAL TOURS
ECO-LODGE
EFA MANOMBOKE MIHAMARO TY TORISTA AMIN'NY FARITRA ANDREFAN'NY OCEAN INDIANINA NY FIZAHAN-TANY, FA MBO MARO AVAO KOA TANA MBO TSY MAHAZO HASOAVA AMINY.



TY MAINTSO MANONDRO TY ECO-TOURISM TENA MARISIKE TY MENA TSY MARISIKE.
HARENA AN-DRIAKA NO ANATY ALA SOA NO MANAITSE VAHINY
TOERA MARIKITSE TANAN-BE FA MBO SOA TY HARENAN-JAVA-BOARY
MISY KARAZAE BIBY MARO NO SOA AMBOLEA
TANA BEVATA, TONTOLO IAINANA SIMBA
TSY MISY HARENA MAHAFINARI TRA HO HENTEN'OL O
TONTOLO IAINANA SIMBA
KANEFA, TY ECO-TOURISM TSY METY AMIN'NY TOERA IABY. METY AMIN'NY TOERA MISY HAREN-JAVABOARY MAHAFINARITSE VO MARIKITSE AMY TOERA EFA MISY FIZAHAN-TANY HAFA. ECOTOURISM DIA MIDIKA FIZAHANTANY ZAY MANDAY HASOAVA HO ANY TY TONTOLO IAINANA NO TY VAHOAKA MALINIKE



NY ZAVATRA ILAINA VOAHALOHANY DIA NY FISIAN'NY GUIDE MAHAKASIKA NY TONTOLO IAINANA, NA "ECO-GUIDE."
ILAINA AMIZAY NY FAMORINANA FIKAMBANA ECO-GUIDE. HIARA-HIASA NY FIKAMBANANA MBA MISINTONA MPIZAHAN-TANY ARY MANATSARA NY FIHAIZANAN'NY GUIDE TSIRAIRAY.


NY FIKAMBANANA DIA AFAKA MITADY FAMPIOFANA MBA HANATSARA NY GUIDE. NY FIKAMBANANA KOA AFAKA MANDRINDRA NY ASA HATAO SY MITANTANA NY FITAOVANA SY NY VOLA IOMBONANA.


MARO TY RAHA TOKONY FANTARIN'NY ECOGUIDE.MANAHAKY TY TANTARA TY TANA, TY FIAINAN'OLO, NO TY BIBY, TY ZAVA-MANIRY. TOKONY HO MAHAY TY FOMBA FIASA MANARA-PENITRA AMY
MILA MAHAY TY FIVOLAGNA VAZAHA ROZY FA INDRINDRA FRANTSAY NO ANGILISY. TY MPIASAN'NY ONG NA OLO HAFA AFAKY MAMPIANATSE TY MPIKAMBA FA TY MPIANATRA KOA MILA FAHAZOTOA MBA MIEZAKE MIRESAKE NAHO IVELANY TY FIANARA AN-DAKILASY.
Bonjour
TY FANAMBOARA RAHA TSOTRA MANAHAKY TY LALA, TOHATSE, NA FITSANGATSANGANA ANATY HONKO HISINTO TORISTA NO AFAHAN'NY TY KARAMAN'NY MPANAO GUIDE HIAKATRA. HO ANY TY TOERA IABY LA TOKONY ASIA FAMANTARAN-DALA NO SARI-TANY.
ASIA TOERA FAMPAHALALA NO MPANDRAY OLO, ZAY LA, LAKILE HIAVIAN'NY TORISTA SADY MANAMPY TY FIKAMBA AN-TOERA AMY ECO GUIDE. NO KOA AFAKE AMAROTA BILLET NO ANDRAISA FAMANDRIHA TOERA
TY VORO ROY LA FATATSE AMY TY MAHA MPANJAKA TY ALA AZY TY...
ZE GUIDE LA TOKONY HAHAFANTATSE TY RAHA MIKASIKE TY ALA, TY ANARANY RAHA AO, TY FOMBAN-DRAZA AMY TOERA RAY,MAHALALA TY BIBY NAHO TY ALA AO.
AFAKY MIVILY FIA MAIKE ETO NAREO ANDESINAREO ANATY ALA ANY.
TY GUIDE TOKONY MAMPIRISIKE TY MPIVILY MBA HIVILY RAHA AMY TY PIVAROTSY AN-TANA EO NO MIFANDRAY SOA AMY TY OLO.AMY TY FIADIAN-KEVITSE AFAKA AMPILIRY AO TY FOMBA-DRAZA, TANTARA, SAKAFON'OLO AN-TANA EO NO TY FITAOVA FAMPIASA.


ANDESY AMY MISY REZERVA AN-DRIAKY TY TORISTA, AMY TOERA ZAY MAHAFINARITSY TY ZAVA-BOARY MISY AO,FA HENTE SOA ROZY TSY HANIMBA TY VATOHARA NA TY ZAVA-BOARY,TY FITANDREMA ANY REO LA TOKONY HATAO TY GUIDE VOALOHAN- DRAHARAHA. TSY ANDESY MIBOAKY TY TORISTA NAHO RATSY TY ANDRO ARY TSY AVELA MANDEHA LAVITSE ROZY MBA AHAFA-MANARAMASO AN-DROZY.
MISAOTSE BEVATA,SOA RAHA TOY
AMY TY VOYAGE LAVALAVA LA TOKONY HIOMA AMY TY SAKAFO NAHO TY HATORIA TY GUIDE.
RETOA MISY RANO RAMOSE AMBARAKO ANAREO TY FANAOVANANERO CAMPING NAHO FA VONONA NAREO
TADIDIO FA TY TORISTA VAHININ'NY ECO-GUIDE NOHO ZAY MILA KARAKARA SOA.MARO AMY TY TORISTA RO TSY MAHAY TY FOMBA FIAINA AMINTSIKA ATOY MANAHAKY TY MANDAY SIHOA MANDRO HO VAOVAO AMIN-DROZY.
AZAFADY RAMOSE, TSY AZO ATAO TY MAMORY VATOHARA NA KOKIAZY
TY GUIDE TOKONY HIEZAKY HANOME FAMPIANARA MAHALIA NO RAHA MAHAFINARITSE MANAHAKY ZAY KOA TY FIKARAKARA TY TORISTA NO TY FAHASALAMA TY ECOSYSTEMA EO AN-TOERA
AZAFADY MADIMOZELY, TSY ALEO IHA MANAO TISERTA ALOHANY TSIKA HANDEHA AN-TANA AGNY,TY OLO ATOY MBO MITA TY FOMBA NENTIN-DRAZA.
MILA ARAHY TY FITSIPY AN-TANA EO AMY FOTOA IABY. KA TY GUIDE MILA MANAMAFY AMY TORISTA MBA TSY HANIMBA TY FOMBA FANAO NO FITSIPIKE IAINANA AMY TANA AO.
TY LALAN-TSIKA ETO TSY MAHAZO MIKITIKY TY NATIORA MADAM
TY FAHARATRA TY TORISTA NA TY FAHASIMBA TY TONTOLO IAINANA HAHAMENATSY NO TSY HAMPANDROSO TY TANANA NO TY FIKAMBANA TY ECO GUIDE


NAHO FA MANDROSO TY FIZAHAN-TANY, TY TORISTA RO HANDANIAN'NY GUIDE FOTOA FA TSY TY MPITINDROKY. KA HALALAKE KELY TY TOERA-PITINDROA.


TY FIZAHA TANY HAMPISY TOMBONY HO AN'NY OLO MIKARAMA AZO TY GUIDE NO TY MPANDAY ENTA, NO MPANAO FITATERA. NY ECO-TOURISM LA ISANY TY RAHA AFAKE MANAMPY AMIN'NY FANDROSOA TY TANA NO TY FIAROVA TY TONTOLO IAINANA. FA TOKONY MARIHE FA TY LAKILE AMY FAMPANDROSOA TY FIZAHAN-TANY LA TY FANOMEZA FAHAFAM-PO TY TORISTA KA TSY MAINTSY TANDREMA TY FITIAVAM-BOLA LOATRA VO TY FANARAROATA TY VAHINY FA MAMPILEFA AN-DROZY.
TAPITRA

Ity boky ity dia novatsian'ny Western Indian Ocean Marine Science Association (WIOMSA) vola, avy amin'ny alalan'ny famatsiam-bola laharana: MASMA/books/05/08. Ny fijery ambara eto dia an'ny mpanoratra, ka tsy voatery hitovy amin'ny fijerin'ny WIOMSA sy ny an'ny Sida. WIOMSA sy Sida dia mahazo alalana hamokatra sy hizara dika mitovy raha toa ka ho an'ny fanabeazana izany, afaka tsy mametraka maharitra ny zon'ny mpanoratra izay voalaza eto.

blue ventures
discovery through research

309A/B Aberdeen House,
22-24 Highbury Grove, London N5 2EA, UK
Tel: +44 (0)20 7359 1287
Fax: +44 (0)800 066 4032
Email: enquiries@blueventures.org
www.blueventures.org